

# MILAZA TRANGA EO NOHO EO MAMPIASA "once"

Misy sehatra vitsivitsy ampiasana ny "once" amin'ny teny Aglisy. Amin'ity lesona ity dia ndeha hojerena ny fampiasana azy entina maneho asa atao na tranga miseho eo noho eo aorian'ny tranga iray. Ny teny azo andikana azy amin'ny teny Malagasy dia ny hoe "raha vao" na "raha vantany vao".

## Examples:

- Once you begin, you must continue. / Raha vao manomboka ianao, dia tsy maintsy manohy.
- Make me a phone call once you get home. / Vao tonga ao an-trano ianao, dia antsoy aho.
- Once I pass this last test, everything will be alright. / Raha vao afaka amin'io fanadinana farany io aho, dia milamina ny zavatra rehetra.
- Once they know how to use the machine, they will have to start working. / Vao hainy fotsiny ny mampiasa ilay milina, dia tokony hanomboka hiasa izy ireo.
- Once you leave here, you can't go back again. / Vao miala eto ianao, dia tsy afaka miverina intsony.
- Once you make a promise, you should keep it. / Raha vao manome fampanantenana ianao, dia tokony tazomina izany.
- That game is easy once you learn the basic rules. / Mora ity lalao ity vao hainao fotsiny ireo fitsipika fototra.
- Once you get the taste of gambling, it's hard to give it up. / Vao mahazo tsirony amin'ny filokàna, dia sarotra ny miala aminy avy eo.
- Once elected, a president should try his best to develop the country. / Vao vantany voafidy, dia tokony hanao izay tratrany rehetra ny filoha mba hampandrosoana ny firenena.
- Once finished, I will send it by e-mail. / Vao vita mihitsy, dia alefako e-mail.

<b>to begin:</b> manomboka
<b>must:</b> tsy maintsy
<b>to continue:</b> manohy
<b>to make a phone call:</b> miantso an-telefaonina
<b>to get home:</b> tonga an-trano
<b>to pass a test:</b> afaka fanadinana
<b>last:</b> farany
<b>everything:</b> ny zava-drehetra
<b>alright:</b> milamina, ara-dalàna
<b>to know:</b> mahay, mahafantatra
<b>to use:</b> mampiasa
<b>machine:</b> milina
<b>will have to:</b> tokony
<b>to start:</b> manomboka
<b>to leave:</b> miala, mandao
<b>here:</b> eto, aty, ety
<b>can't:</b> tsy afaka
<b>go back:</b> miverina
<b>to make:</b> manao
<b>promise:</b> fampanantenana
<b>should:</b> tokony
<b>to keep:</b> mitazona
<b>game:</b> lalao
<b>easy:</b> mora, tsotra
<b>to learn:</b> mianatra
<b>basic:</b> fototra
<b>rule:</b> fitsipika
<b>to get:</b> mahazo
<b>taste:</b> tsirony
<b>to gamble:</b> miloka
<b>hard:</b> mafy, sarotra
<b>to give up:</b> miala, mandao

**elected:** voafidy

**president:** filoha

**to try:** miezaka, manandrana

**best:** ny tsara indrindra

**to develop:** mampandroso

**country:** firenena

**finished:** vita

**to send:** mandefa